



## NY TONONKALO MISY RIMA MIFANINGOTRA

Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho :
- Rima , ngadona, lantom-peo
- Andininy, andalana,
- Hevitra ampitain'ny tononkalo.

Ary manana **ireto fahaiza-manao ireto** :
- Manao tsianjery ny tononkalo ka manaja ny lantom-peo
- Mamorona andalana vitsivitsy miendrika tononkalo.

**Aorian'ny lesona dia afaka** mamorona andalana vitsivitsy miendrika tononkalo aho.

## NY FIKIRIZANA



1- Mba mafy asaina ny taninmbary,
Kanefa mikiry ny mpiasa tany,
Ny tanana miempaka maharary,
Ikirizana anefa ka vita ihany.



2- Mba sarotra lahy ny entimody.
Ny saina domelina, ny andro lany,
Kanefa ny mpianatra te hody.
Mikiry ka farany hainy ihany.

3- Mahery nyrivotra an-tendrombohitra.
Ny lalana sarotra aoka izany,
Kanefa ny mpianika mahatohitra,
Mikiry ka, farany, tody ihany.





4- Na inona vato misakan-dalana,
Na inona entana mahavizana,
Zakako, afako miandalana.
Rehefa tafiko ny fikirizana

NY RAHONA

NY ZONAY

Zonay ny mianatra,
Tsy ekena ny miangatra,
Zonay ny milalao,
Ka takianay aminao.
Vonona izahay ny ho hendry
Hanefa ny adidy nokinendry.



## SAHANASA 1 : MAMAKY TENY AHO

- vakiko ny tononkalo, manaja ny lantom-peo sy ny mari-piatoana aho.
- dinihiko ny tononkalo – **inona no maha samy hafa ny lahatsoratra tsotra sy ny tononkalo ?**
- raisiko an-tsoratra ny voambolana sarotra dia jereko any anaty Rakibolana alaina any amin'ny Tahirim-bokin'ny sekoly sy iarahan'ny rehetra mikaroka.

## SAHANASA 2 : MITENY AHO / MANORATRA AHO

- soratako ao anaty kahie ny teny sarotra ao anaty tononkalo mba hiarahana mikaroka ny heviny
- averiko vakiana ny andalana tsirairay, ary jereko hoe ny aiza sy ny aiza avy no mitovy fanononana.
- misy ny rima antsoina hoe : "rima mifaningotra",
  **ahoana no mety ho fisehon'izany eto amin'ity tononkalo ity ?**
- jereko ny vaninteny roa farany isaky ny andalana
- **manao ahoana ny firindran'ny feo isaky ny vaninteny roa farany ?**
- fantariko ny maha samy hafa ny andininy sy ny andalana, ny ngadona sy ny lantom-peo
- faritako amin'izay ny atao hoe"tononkalo"
- **inona no ilazana fa kanto io tononkalo io ?**

## SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

- mamorona andininy iray mikasika ny asa atao ao an-dakilasy aho, ary mandika izany ao anty kahie.

## SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE

- dinihiko ireo tononkalo roa, ary vakiko moramora. eo am-pitoerana.
- jereko ny vaninteny farany isaky ny andalana
- lazaiko ny anaran'ny rima hita eo
- avahako ny andininy, ny andalana
- asehoko ny maha kanto ilay tononkalo

